# Ilay Voa Tsara Nafafy 02 Jolay 2018

# 2 Alatsinainy
jolay

***(Hoy Jesosy :)* Indro, efa mitsangana eo am-baravarana Aho ka mandondòna ; raha misy mihaino ny feoko ka mamoha ny varavarana, dia hiditra ao aminy Aho ka hiara-misakafo aminy, ary izy amiko.** Apokalypsy 3. 20

**Mahafantatra an'Andriamanitra**

„Ny karazam-pivavahana rehetra dia samy mihambo ho mitondra fahasambarana avokoa. Naniry hahafantatra an'Andriamanitra aho, ka nanomboka nianatra maromaro tamin'ireo karazana ireo. Tena gaga anefa aho, satria tsy nisy, na iray tamin'ireo aza, afaka nanome ahy ny fiadanam-po. Ny Baiboly no nampianatra ahy fa tsy karazam-pa tsy akory no afaka manome fahasambarana, fa fifandraisana manokana amin'Andriamanitra. Raha te hanana fifandraisana amin'olona iray, dia mila mahafantatra azy, aloha. Ny hany fomba hahafantarana an'Andriamanitra dia ny famakiana ny Baiboly, izay tenin'Andriamanitra, itenenany amintsika sy itaomany antsika hanatona an'i Jesosy, Ilay nilaza hoe : „Izaho no lalana sy fahamarinana ary fiainana ; tsy misy olona mankany amin'ny Ray, afa-tsy amin'ny alalako" (Jaona 14. 6). Hoy koa Jesosy : „Lazaiko aminao marina dia marina tokoa : Raha tsy ateraka indray ny olona, dia tsy mahazo mahita ny fanjakan'Andriamanitra" (Jaona 3. 3). Izany dia midika hoe misy zavatra mahagaga tokony hitranga ao anatintsika lalina ao. Zavatra inona moa ? Na olo-marina aza isika, dia tsy maintsy mahatsapa ny maha zavamisy ny ota ao anatintsika sy ny vesatr'izany, ary mitodika amin'ny Mpamonjy. Dia hanatanteraka fahagagana ao anatintsika ny Fanahy Masina, hanome antsika aina vaovao, aina ara-panahy. Rehefa nahita an'i Jesosy tao am-poko aho, dia niaiky ny toetra maha mpanota ahy ary nangataka taminy mba hamela ny heloko. Tamin' izay fotoana izay no nandraisako ny fiainana mandrakizay."

*Suzanne*